

MALAGASY

A. RIBA

1. ANDIAM-PANONTANIANA

a) Tsiny sy ny tody

- 1- Lazao avy izay famaritana ny tsiny sy ny tody.
- 2- Lazao avy ny toetra ananan'ny tsiny sy ny tody.
- 3- Omeo ireo toetra iraisan'ny tsiny sy ny tody.
- 4- Inona ireo toetra tsy mampitovy ny tsiny sy ny tody.
- 5- Lazao avy izay endrika isehoan'ny tsiny sy ny tody.
- 6- Iza avy ireo afaka manome tsiny?
- 7- Inona no vokatry ny finoana ny tsiny sy ny tody?
- 8- Manomeza tenin'ny mpanoratra mikasika ny tsiny sy ny tody.
- 9- Mitadiava Ohabolana mikasika ny tsiny sy ny tody.

b) Vintana – lahatra – anjara – tendry

- 1- Eo amin'ny zotram-piainan'ny olombelona, alaharo araka ny tokony ho izy ireo hery efatra ireo.
- 2- Farito tsirairay avy izy ireo.
- 3- Lazao izay toetra iraisan'ireo hery efatra ireo.
- 4- Omeo kosa ireo toetra tsy mampitovy azy ireo.
- 5- Inona no atao hoe "Mifanara-bitana", "Mifaniho vintana"? Manomeza Ohatra amin'ny anaram-bitana mana-porofo izany.
- 6- Tanisao ireo anaram-bitana amin'ny Malagasy.
- 7- Misy karazany firy ny anjara ary inona avy ireo?
- 8- Iza avy ireo manome ny anjara sy ny tendry?
- 9- Milazà fomba fanalana vintana teo amin'ny fitaolo malagasy?
- 10- Mitadiava ohabolana mikasika ireo hery ireo.

c) Ny fitsimbinana ny aina ny fitohizan'ny aina

- 1- Inona no atao hoe "aina"?
- 2- Lazao izay fiheveran'ny malagasy ny aina.
- 3- Milazà eva na dindo isehoan'ny aina.
- 4- Inona no ataon'ny Malagasy mba hitsimbinany ny ainy?
- 5- Inona no lanjan'ny zanaka eo amin'ny Malagasy?
- 6- Mitadiava Ohabolana mikasika ny aina.
- 7- Miteraka inona ny fitsimbinana ny aina?

II. FANADIHADIANA LAHATSORATRA

a) TSINY SY TODY

Ny olona andrian'ny tsiny, izay rehetra atao savihin-doza avokoa; ompiana omby, matin'ny tomboka; ompiana kisoa, matin'ny jeho; akotrika atody, mandamoka; aketsa vary, manakofa; ambolena saonjo, mamarara; ambolena tsaramaso, tsy mandrotsaka; ny ambolen-tsy maniry, ny asosoka maty maso. "Ny tsiny tahaka ny tsipak'ombalahy ka mahavoa mahafaty, tsy mahavoa mahafanina."

Koa tandremana fatratra tokoa na ny teny na ny atao, sao dia ahazoan-tsiny, na dia amin'ny zavatra tsy tandrina sy tsy ampoizina akory aza (...) Misy anefa zava-mitranga amin'ny fiainana tsisy ifandraisany velively amin'izay mety ho vokatry ny tsiny. Ohatra: Raha sendra misy olona mifamaly mafy an-katezerana, ka sendra mibolisatra an-dàlana ka maratra ny iray, dia ataon'ilay hafa nifamaly tamin'ny hoe: "Narahin-tsiniko ka tsy namelany!" Dia hino tokoa ve ianao fa tena izany marimarina sa fifandrian-javatra fotsiny na teraky ny làla-malama nodiavina?

Raha misy fatiantoka ny varotra atao, ny tsinin'olona ve no nahatonga izany sa ny tantana no tsy nety?

Hadihadio.

François RAKOTONAIVO, *Ny Riba Malagasy*, takila 110

b) VINTANA-ANJARA-LAHATRA-TENDRY

- ZEFA : Sssh! Avelao any fa efa tsy anjarako!... Efa totoim-bintana mihintsy i Zefa. Nalàna tamin'ny asany... mitady asa tsy mahita... nony nahita afera, rava ho azy!...Tsy mety daholo izay atao... Ratsy vintana... efa voan'ny ozon-drazana mihitsy!
 - SETRA : Tsy marina izany, ry Dada!
 - ZEFA : (Ohatra ny mitomany)
- Izany, leitsy no izy a! Izany no tena marina... totoim-bintana... Iza no mba anjarako... Vintan-dratsy... efa voaozona!... Mila hamboarina mihitsy ity vintako ity... Hanatona izay olona mahay manamboatra azy isika.
- SETRA : Tsy hisy vokany izany, ry Dada a!...Zavatra hafa no antony. Ny antony dia tsy avy amin'ny vintan-dratsin'i Dada, fa avy amin'ny fiaraha-monina misy antsika mbola anjakan'ny mpangoron-karena vaventy sy madinika. Maro amin'ireny no tsy mankasitra ny hisian'ny rariny sy ny hitsiny ho an'ny olon-drehetra satria tsy misy hanangonany ho azy samirery sy ny fianakaviany intsony (...). Manaraka izany, vintan-dratsin'i Dada ve no nanalana an'i Dada tamin'ny orinasa? Voalaza fa hoe noho ny akoran-javatra. Ny tsy fisian'ny akoran-javatra dia mety ho avy amin'ny tsy fananantsika vola hividianana azy, na mety ho isika tsy mamokatra firy (...)

Hadihadio.

ILAY, *Mikatsaka ny fiadanana*, tak.13, (Bacc.2016)

d) AINA

NY AINA

“Entim-poana ny aina”; anefa koa nataon’ny razana fa ny antonona sy mety, rehefa afa-nenina nifampitsimbina nefa voa, na marary, na sarahin’ny fahafatesana, dia ny mionona. Fa hoy izy: “Ny sandry be tsy ody faty”. ” Ny ranomaso tsy mahatana aina...”

Fahiny anefa, raha hilaza faty amin’olona, notandremana ery sao mandratra na mampivadi-po, fa “ mamy ny aina” ka tsy nisy mangidy toy izany nilaozan’ny singotry ny aina na ny sombin’ny aina na ny menaky ny aina.

Na nataony araka izay fara heriny koa aza ny hiaro ny ainy amin’ny fahavalo mpanimba, dia nataony adidy kosa ny mangoraka ain’olona na iza na iza, ary toetrany anisan’ny soa tokoa io; fa he ny filôzôfiany ny amin’izany: “ Aza manao tsindrio fa lavo”, “ Aza manenji-dresy”. (...)

Izany fangorahana ny ain’ny osa izany no niantsoan’ny Ombalahibemaso hoe: “Izaho no lofo-mitsangana mpiaro ny toho mihahy. Izaho no tanety itsipahan’ny tsimbotry sy ny adrisa...Ny fitepon’ny aim-bahoaka no mahalahelo ahy...”

R.P.RAHAJARIZAFY,Filôzôfia Malagasy

Hadihadio.

III. FAMAKAFAKAN-KEVITRA

1. Hoy i E.D.ANDRIAMALALA, Zazavavindrano, tak.72 :
“ Misy marina tsy azo lazaina sy rariny tsy maintsy mandefitra”.
Fakafakao.
2. Hoy i R.P.RAHAJARIZAFY, Filôzôfia Malagasy, tak.70:
“Ny tsiny mbola azo sorohina, fa ny tody tsy misy fanefitra”.
Fakafakao.
3. Hoy I.P.ANDRIAMANGATIANA, Vakivakim-piainana, tak.24:
“Indraindray tokoa ny fahantrana manaboridana ny fanahy”.
Fakafakao.
4. Hoy i E.D.ANDRIAMALALA,Ny Fanagasiana, tak.54:
“Manana mpitsara tsy mety diso amin’izay hataoko aho dia Andriamanitra sy ny vahoaka, ny Tsiny sy ny Tody”.
Fakafakao.
5. Hoy i Joseph RAKOTONIRAINY, Ny Tsaran’ny razantsika, tak.8:
“Ny anjara sy ny vintana dia vokatry ny lalan’ny todin’ny natao teo aloha”.
Fakafakao.